fa mianiana amin'Allah aho fa ny fitaritan'Allah ny olona iray noho ianao, dia tsara lavitra ho anao mihoatry ny rameva mena

Tatitra azo avy amin'i Sahl bin Sa'ad (R.A), Niteny ny Irak'Allah (S.A.W) manao hoe : “Homeko an’ny lehilahy iray izay omen’Allah ny fandresena ity faneva ity rahampitso, izay tena mankatia an’Allah sy ny irany, ary tena tian’Allah sy ny irany”, hoy izy : ka natory ny rehetra ary manontany tena hoe iza no hahazo ny faneva, ka rehefa nifoha maraina ireo olona dia nakany amin'ilay Irak'Allah (S.A.W) ary ny rehetra dia samy naniry ny hotolorana ilay faneva. Hoy ny Mpaminany (S.A.W) : Aiza i Ali bin Abi Toalib? Ka nisy nilaza hoe : Izy, dia manana olana amin'ny masony ry Irak'Allah, dia hoy izy : alefasonareo aty izy, ka noentina teo ary nirorany ny masony sy nivavaka ho azy ny Mpaminany (S.A.W) dia sitrana toy ny tsy narary izy, ka nomena azy ny faneva, dia hoy i Ali : Ry irak’Allah! Hiady amin’izy ireo aho mandra-pahatongan’izy ireo ho tahaka antsika? Dia hoy izy : “Tanteraho miadana izay nanirahana anao mandra-pidinanao any amin’ny toerana misy azy ireo, dia asao mba hanaraka ny finoana Islam izy ireo, ary lazao azy ireo ny zavatra takina amin'izy ireo momba ny fananany araka ny zon’Allah ao aminy, fa mianiana amin'Allah aho fa ny fitaritan'Allah ny olona iray noho ianao, dia tsara lavitra ho anao mihoatry ny rameva mena".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nampahafantatra an'ireo mpanaradia ny fandresen'ny mpino silamo an'ireo jiosy tao Khaybar ny Mpaminany(S.A.W) ny ampitson'iny, ary izany dia eo am-pelatanan'ny lehilahy iray omeny ny faneva, izany dia ny sainam-pirenena ampiasain'ny tafika ho tarigetrany. Ny toetoetra mampiavaka an'io lehilahy io dia ny fitiavany an'I Allah sy ny irany ary ny fitiavan'I Allah sy ny irany azy. Dia nandany ny aliny ireo mpanara-dian'ny Mpaminany (S.A.W) tamin'ny firesahana momba ilay homena ny faneva? Noho ny samy naniry izany voninahitra lehibe izany, Nony maraina ny andro, dia nankany amin’ny Mpaminany (S.A.W) izy ireo, ary samy nanantena ny hahazo izany voninahitra izany izy rehetra. Ka nanontany an'i Ali bin Abi Toalib (R.A) ny Mpaminany (S.A.W)? Ka nisy nilaza taminy hoe : mitaraina marary maso izy. Ka nasain'ny Mpaminany (S.A.W) noentina teo aminy izy, ka noentin'izy ireo teo anatrehany, ka nororany tamin'ny ivy masiny ny mason'i Ali anakiroa ary nivavahany, ka sitrana soa aman-tsara tamin'ny aretiny toy ny tsy narary, avy eo dia nitolorany ny faneva, ary nodidiany hiroso moramora mandra-panantonany ny toeran'ireo fahavalo ary nasainy hiantso azy ireo amin'ny finoana Islam, ka raha manaiky izy ireo; dia lazao amin'izy ireo ny zavatra nodidian'Allah aminy. Avy eo dia nazavain'ny Mpaminany (S.A.W) ny valisoa azo avy amin'ny fiantsoana amin'ny làlan'Allah ary ny mpiantso nampahitsy ny olona iray dia izany no tsara ho azy mihoatry ny fanànany rameva mena izay tena manan-danja amin'ny haren'ireo vahoaka Arabo, ka na ho tazominy na avokany Sadaka.